- Mampivoatra ny fikarohana ara-kevitra ifotony mba itrandrahana fahalalana sy teknika entina iatrehana ny olana rehetra
- 2. Amin'ny lafiny Fampandrosoana ny Eny Ambanivohitra:
 - Manatanteraka ireo tahirin-kevitra mikasika ny politika ankapobe sy ireo paik'adin'ny Minisitara misahana ny Fambolena ;
 - Manampy sy manohana ny asa fampielezana ny vokatry ny fikarohana eo anivon'ireo mpahazo tombotsoa voakendry

LOHATENY FAHA-II

NY AMIN'NY FIRAFITRY NY FOFIFA

And.3: Ny rafitra misy eo amin'ny FOFIFA dia:

- Ny Filan-kevim-pitondrana ;
- Ny Filan-kevitra ara-Tsiantifika sy Tari-dalana; ary
- Ny Foibem-pitondrana Ankapobe.

Ankoatra ireo, dia atsangana eo anivon'ny Foibem-pitondrana Ankapobe, ny Komity ny Foibe ara-Tsiantifika, sy ny Komity ny famatsiana ara-bola ny fikarohana ara-pambolena.

TOKO VOALOHANY

NY FILAN-KEVIM-PITONDRANA

And.4: Ny Filan-kevim-pitondrana, amin'ny maha- rantsana mpanapa-kevitra azy dia:

1. Mametra ny volavola tetibola izay ho apetraka, ho ankatoavin'ny manam-pahefana mpiahy, sy ny tabilaon'ny marikisan'ny mpiasa nahazoana alalàna ;
2. Manolotra eo anoloan'ny Minisitara misahana ny Fambolena, sy ny Minisitara misahana ny Fikarohana ara-Tsiantifika, mba ho hampanatanterahana, aorian'ny fankatoavan'iretsy farany :
 - Ny politikam-panjakana momba ny fikarohana ampiarina amin'ny fampiroboroboana ny eny ambanivohitra;
 - Ny fandaharam-pikarohana ; sy
 - Ny fifanaraham-panjakana sy iraisam-pirenena momba ny fikarohana siantifika sy teknika amin'ny lafin'ny fampiroboroboana ny eny ambanivohitra ;
3. Mametra ny fitsipika ankapoben'ny mpiasan'ny FOFIFA, sy ny fitsipika anatin'ny momba ny fitantanana sy ny fitrandrahana ny FOFIFA ;
4. Manapa-kevitra ny amin'ny fanàhana manokan'ny FOFIFA :
 - Ny tetik'asam-panorenana, fividianana fanàhana mifaka, fanaovana antoka sy findramam-bola ;
 - Ny tetik'asa fampitaovana ny FOFIFA ;

- Ny fivarotana fanànana mifaka araka ny fanomezan-dalana mivantana sy iraisan'ny Minisitera misahana ny Fambolena, ny Minisitera misahana ny Fikarohana ara-Tsiantifika, sy ny Minisitera misahana ny Fitantanam-bola ; sy
- Ny famarotana ny fanànana manokana mifaka sy tsy mifaka.

5. Mametraka ny tahan'ny vola fankasitrahana nohon'ny vokatry omena ny mpiasan'ny FOFIFA araka ny vokatry voatrandraka sy ny tahan'ny indemnités isan-karazany;

6. Mametra ny kaotim-pitantanam-bola sy mametraka izany amin'ny manam-pahefana mpiahy, mba ho ankatoavina ;

7. Manapaka mikasika ny raharaha rehetra atolotry ny Tale Jeneraly ny FOFIFA azy ;

8. Manapaka amin'ny famatsiana arak'olona, ara-bola sy ara-pitaovana ho eo am-pelatanan'ny FOFIFA ;

9. Mifidy ny amin'ny tetibolan'ny FOFIFA ; sy

10. Mankatoa ny fifampiraharam-barotra sy ny fifanarahana mitentina mihoatran'ny 20 tapitrisa Ariary.

Ny Filan-kevim-pitondrana dia manana ny fahefana rehetra momba ny fitantanana ny FOFIFA, sy ny fandraisana andraikitra amin'ny anarany, ary ny fanomezana alàlana ny lahasa na raharaha rehetra mifandray amin'ny votoatiny. Afaka afindrany amin'ny Tale Jeneraly ny fahefany, ankoatra ireo voalaza ao amin'ny an-dalàna 1-2-4-5 sy 9 ity andininy faha-4 ity.

And.5 : Ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevim-pitondrana dia tendrena amin'ny alalan'ny didim-pitondrana iraisan'ny Minisitera misahana ny Fikarohana ara-Tsiantifika, ny Minisitera misahana ny Fambolena, sy ny Minisitera misahana ny Fitantanam-bola, araka ny tolo-kevitra ny minisitera sy sampan-draharaha voakasik'izany, ao anatin'ny fe-potoana roa (2) taona, azo havaozina.

And. 6: Ao amin'ny Filan-kevim-pitondrana dia ahitana:

- Ny Sekretera Jeneraly ny Minisitera misahana ny Fambolena;
- Ny Sekretera Jeneraly ny Minisitera misahana ny Fikarohana ara-Tsiantifika ;
- Solontena iray (1) ny Minisitera misahana ny Fiompiana;
- Solontena iray (1) ny Minisitera misahana ny Jono sy ny Harena an-dranomasina;
- Solontena iray (1) ny Minisitera misahana ny Tontolo Iainana sy ny Ala;
- Solontena iray (1) ny Minisitera misahana ny Fitantan-kaontim-panjakana;
- Ny solontena ny Minisitera misahana ny Tetibola;
- Ny solontena ny sehatra tsy miankina; sy
- Ny solontena ny fikambanan'ny tantsaha.

Raha misy tsy fahafahan'ny solontenany voatendry, ny Minisitara na ny Sampan-draharaha voakasika dia tsy maintsy manendry mpisolo toerana iray.

Ny fiadidiana ny Filan-kevim-pitondrana dia iandreketan'ny solontenan'ny Minisitara misahana ny Fambolena.

And.7: Ny Filan-kevim-pitondrana dia mivory in-droa isan-taona farafaharatsiny, araka ny fangatahan'ny Filohany, na ny Tale Jeneraly, na koa ny mpikambana maro an'isa.

Ny Filan-kevim-pitondrana dia tsy manapaka raha tsy amin'ny alalan'ny mpikambana maro an'isa ao aminy. Ny fanapahany dia raisina amin'ny alalan'ny mpikambana maro an'isa nanatrika tamin'ny fivoriana.

Raha misy ny fitoviam-bato, dia ny an'ny Filoha no mavesa-danja.

Ny Tale Jeneraly dia manatrika ho fakan-kevitra rehefa mivory ny Filan-kevim-pitondrana. Ny Foibem-pitondrana ankapobe no miandraikitra ny sekretarian'ny Filan-kevim-pitondrana amin'izany.

Raha misy fahamaizana, ny Filoha dia afaka miroso amin'ny fakan-kevitra miodina.

Ny Filan-kevim-pitondrana dia afaka miantso olona ivelany, handray anjara amin'ny fivoriany ao anatina asa manokana.

Na izany anefa, ireo olona ivelany ireo dia tsy mandray anjara amin'ny fanapahana fa mitazona ny andraikitra amin'ny maha- fakan-kevitra azy ireo fotsiny ihany.

Ny asan'ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevim-pitondrana dia maimaimpoana. Na izany aza, ny mpitantana dia manana zo amin'ny fanonerana ny sanda lany amin'ny fanatrehan'izy ireo ny fivorian'ny Filan-kevim-pitondrana. Ny tahan'izany fanorenana izany isan'andro dia apetraka amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitra ny Filan-kevim-pitondrana.

TOKO FAHA-II

NY FILAN-KEVITRA ARA-TSIANTIFIKA SY TARI-DALANA

And.8: Ny Filan-kevitra ara-Tsiantifika sy Tari-dalana dia manampy ny Filan-kevim-pitondrana.

Ny Filan-kevitra ara-Tsiantifika sy Tari-dalana dia miandraikitra ny fanombanana ara-tsiantifika ny vokatra, sy ny toromarika ara-tekinika ny tetik'asa ho atolotra eo anivon'ny Filan-kevim-pitondrana.

Ny Filan-kevitra ara-Tsiantifika dia tarihy ny Minisitara misahana ny Fikarohana ara-Tsiantifika, izay solon'ny Tale Jeneraly ny Fikarohana ara-Tsiantifika tena.

And.9: Ny Filan-kevitra ara-Tsiantifika sy Tari-dalana dia ahitana:

- Ireo Talen'ny Foibem-pirenena momba ny Fikarohana rehetra;
- Ny Tale Jeneraly ny FOFIFA ;
- Ny Tale ara-Tsiantifika ny FOFIFA ;

- Ny Tale ny fitantanana sy ny fanatsarana ny fananan'ny FOFIFA ;
- Ny Tale ara-pitantanana sy ara-bola ny FOFIFA ;
- Solontena iray (1) avy amin'ny Minisitery misahana ny Fambolena ;
- Solontena iray (1) avy amin'ny Minisitery misahana ny Fiompiana ;
- Solontena iray (1) avy amin'ny Minisitery misahana ny Jono sy ny Harena an-dranomasina ;
- Solontena iray (1) avy amin'ny Minisitery misahana ny Tontolo Iainana sy ny Ala ;
- Solontena iray (1) avy amin'ny Oniversiten'Antananarivo ;
- Ireo Filohan'ny Departemanta ara-Tsiantifika ny FOFIFA ;
- Ireo Filohan'ny Foibem-paritra momba ny Fikarohana ny FOFIFA ;
- Solontena iray (1) avy amin'ny sehatra tsy miankina ; sy
- Solontena iray (1) avy amin'ireo fikambanan'ny mpamboly.

Ny Tale Jeneraly ny Fikarohana ara-Tsiantifika ny Minisitery misahana ny Fikarohana ara-Tsiantifika dia miantoka ny fitarihana ny Filan-kevitra ara-Tsiantifika sy Tari-dalana

And.10: Ny Filan-kevitra ara-Tsiantifika sy Tari-dalana dia afaka miantso olona ivelany manana fahaizana manokana, ho fakan-kevitra, raha ilaina.

TOKO FAHA-III **NY FOIBE ANKAPOBE**

And.11: Ny Tale Jeneraly no mpanalalana fototra ny tetibola ny Ivotoerana. Ny Foibe Ankapobe no rantsana mpanatanteraka ny FOFIFA, izay ahitana:

- Ny Foibe Ankapobe;
- Ny Foibe ara-Tsiantifika ;
- Ny Foibe ara-pitantanana sy ara-bola ; sy
- Ny Foibe ny fitantanana sy fanatsarana ny fananana.

Ny Tale Jeneraly dia misahana:

- Ny fanomanana sy ny fanatanterahana ny tetibola ny FOFIFA ;
- Ny fanatanterahana ny fahefana isan'ambaratonga amin'ny mpiasan'ny FOFIFA ; sy
- Ny fampidirana sy ny fandroahana ny mpiasa iharan'ny lalànan'ny asa.

Ny Tale Jeneraly no miandraikitra ny fitarihana sy ny fitantanana ny FOFIFA, ary ny fanatanterahana ireo tanjony, araka ny toromariky ny Filan-kevim-pitondrana, amin'ny ankapobeny. Noho izany, dia manam-pahefana amin'ny foibe rehetra izy

Araka izany, ny Tale Jeneraly dia miandraikitra manokana:

- Ny fanoloran-kevitra amin'ny Filan-kevim-pitondrana, mba ho dinihina sy ankatoavina, ny fandaharan'asa sy ny tetibola isan-taona, ary ny tatitra momba ny fanatanterana

ara-tekhnika sy ara-bola ny fandaharan'asa. Araka izany, ny Tale Jeneraly dia mandrafitra ny kaontim-pitantanam-bola, ny tombana momba ny faran'ny taom-piasana, ny paika ny fanarahà-maso anatin'ny, sy ny fitsipiky ny fitantanana ary ny fitrandrahana eo anivon'ny FOFIFA ;

- Ny fanatanterahana ny politikam-panjakana momba ny fikarohana ampiharina amin'ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra, ny fandaharam-pikarohana arosan'ny Filan-kevitra ara-tsiantifika sy Tari-dalana, sy ankatoavin'ny Filan-kevim-pitondrana ;
- Ny fanaraha-maso sy ny fandrindrana ireo asam-pikarohana tanterahan'ireo departemantan-pikarohana samihafa eo ambany fahefany, n'inona n'inona ny loharanom-pamatsiam-bola;
- Ny fanaovana sy ny fandrafetana ny fifanaraham-barotra, ny fifanekena, ny fifanarahana amin'ny anaranana sy hoan'ny FOFIFA, aorian'ny fakan-hevitra eo anoloan'ny voamiera manokana mandinika ireo tolo-barotra ; sy
- Ny fisoloan-tenan'ny FOFIFA eo anivon'ny fitsarana, sy amin'ny ankapobeny, manoloana ny hafa.

Ankoatr'ireo, dia manana ny fahefana rehetra izay omen'ny Filan-kevim-pitondrana azy izy

And.12: Ny Tale Jeneraly dia tendrena amin'ny alalan'ny didim-panjakana alaina amin'ny Filan-kevitra ny Minisitra, araka ny tolo-kevitra iraisan'ny Minisitara misahana ny Fikarohana ara-Tsiantifika, sy ny Minisitara misahana ny Fambolena. Izy dia mitovy laharana amin'ny Tale Jeneraly ny Minisitara.

And.13 : Ny Tale Jeneraly dia afaka mamindra, vonjimaika na maharitra, amin'ny mpiasa iray na maromaro ny Ivotoerana, mba hanatanteraka amin'ny anarany, eo ambany ny fanaraha-masony sy ny andraikiny, ireo asa mifandray amin'ny anjara. Ny sonian'ireo mpiasa nahazo famindram-pahefana dia tsy maintsy ampahafantarina ny Filan-kevim-pitondrana.

And.14: Atsangana ny komity momba ny famatsiam-bolan'ny fikarohana ara-pambolena eo anivon'ny Foibe Ankapobe, izay hisahana ny fandrindrana sy fitarihana ny famatsiam-bola voatokana hoan'ny fikarohana ampiharina amin'ny fambolena tarihin'ny le FOFIFA.

And.15: Ny firafitra sy ny fampandehanana ny komity momba ny famatsiam-bolan'ny fikarohana ara-pambolena dia faritana amin'ny alalan'ny fitsipika anatin'ny. Ny andraikitry ny mpikambana ao amin'ny komity momba ny famatsiam-bolan'ny fikarohana ara-pambolena dia maimaim-poana. Na izany aza, izy ireo dia manana zo amin'ny fanonerana ny sanda lany

amin'ny fandraisan'anjara amin'ny fivorian'ny komity. Ny tahan'izany fanonenana izany isan'andro dia apetraka amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitra ny Filan-kevim-pitondrana.

And.16 : Atsangana ny komity ny Foibe ara-Tsiantifika (CDS) eo anivon'ny Foibe Ankapobe, izay hanampy ny Tale Jeneraly amin'ireo lafiny ny fanarahana toetrandro sy fanomezan-danja eo amin'ny lafiny anatin'ny sy iraisam-pirenena toy ny aro tontolo iainana, ny fahasamihafana biolojika, ny bioteknolojia, ny fiovan'ny toetr'andro, ny aretina mipongatra Ny mpikambana ao amin'ny CDS dia mandinika sy mandrafitra ireo antontan-taratasy mametraka ny toeran'ny FOFIFA momban'ny iray amin'ireo lafiny voatanisa ireo. Raha ilaina sy araka ny tolo-kevitra ny Foibe Ankapobe, ireo mpikambana ao amin'ny CDS dia afaka misolontena azy eo anivon'ireo sehatra fiadian-kevitra momba ireo lafiny mifandraika amin'ny fahaizan'izy ireo avy.

And.17: Ny firafitra sy ny fampandehanana ny CDS dia faritana amin'ny alalan'ny fitsipika anatin'ny. Ny andraikitra ny mpikambana ao amin'ny CDS dia maimaim-poana. Na izany aza, izy ireo dia manana zo amin'ny fanonerana ny sanda lany amin'ny fandraisan'anjara amin'ny fivorian'ny komity. Ny tahan'izany fanonenana izany isan'andro dia apetraka amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitra ny Filan-kevim-pitondrana.

ANDININY VOALOHANY **NY AMIN'NY FOIBE ARA-TSIANTIFIKA**

And.18: Ny Tale Siantifika dia manampy ny Tale Jeneraly amin'ny fanatanterahana ny fanapaha-kevitra ny Filan-kevim-pitondrana mikasika ny ara-tsiantifika. Mandrindra sy miandraikitra ny asan'ny departemanta, ny foibe sy ny tobim-paritra momba ny fikarohana ihany koa izy, ao anatin'ireo fandaharana ankatoavin'ny Filan-kevim-pitondrana.

And.19: Ny Tale Siantifika dia tendrena amin'ny alalan'ny didim-panjakana alaina amin'ny Filan-kevitra ny Minisitra, araka ny tolo-kevitra iraisan'ny Minisitra misahana ny Fikarohana ara-Tsiantifika, sy ny Minisitra misahana ny Fambolena. Mitovy laharana amin'ny Tale eo anivon'ny Minisitara izy.

And.20: Ny Tale Siantifika dia ampin'ny:

- Sampana fandaharana) sy fizohiana-fanompanana ;
- Sampana mandrindra ny fikarohana sy ny fampivoarana ;
- Sampana manampy amin'ny fikarohana ;
- Sampana momba ny fifandraisana sy ny fanatsarana ny vokatra; ary

- Foibe momba ny harena siantifika hoan'ny fambolena sy ny tontolo iainana

Eo anivon'io CeRSAE dia atsangana ny rantsana famaliana ireo tolon-kevitra momba ireo tetik'asa, sy ny birao mpanamahay natao hihazona ny fitandroana ny tolo-bidy, anampiana ireo mpikaroka eo anivon'ny FOFIFA mba ahafahan'izy ireo mamaritra ny fiantsoana hoan'ny tolo-kevitra, sy hanohana azy ireo ao anatin'ny famaliana ireo fiantsoana hoan'ny tetik'asa. Ny Lehiben'ny Sampana voatanisa dia tendrena amin'ny alalan'ny didim-pitondrana iraisan'ny Minisitra misahana ny Fikarohana ara-Tsiantifika, ny Minisitra misahana ny Fambolena, sy ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, araka ny tolo-kevitra ny Tale Jeneraly. Izy ireo dia mitovy laharana amin'ny Lehiben'ny Sampana ao amin'ny Minisitara.

ANDININY FAHA-2

NY AMIN'NY FOIBE MOMBA NY FITANTANANA SY NY FANATSARANA NY FANANANA

And.21 : Ny Tale ny fitantanana sy ny fanatsarana ny fananana dia miandraikitra ny fitantanana ny fananana mifaka sy ny fampitaovana, ary ny fanatsarana izany.

And.22: Ny Tale ny fitantanana sy ny fanatsarana ny fananana dia tendrena amin'ny alalan'ny didim-panjakana alaina amin'ny Filan-kevitra ny Minisitra. Izy dia mitovy laharana amin'ny Tale eo amin'ny Minisitara.

And.23: Ao amin'ny Foibe momba ny fitantanana sy ny fanatsarana ny fananana dia ahitana:

- Sampana mpanampy ara-tekinika ; sy
- Sampana mpanampy ara-panjakana sy ara-pitsarana.

Ny Lehiben'ny Sampana, izay tendrena amin'ny alalan'ny didim-pitondrana iraisan'ny Minisitra misahana ny Fikarohana ara-Tsiantifika, sy ny Minisitara misahana ny Fambolena, araka ny tolo-kevitra ny Tale Jeneraly, dia manana ny laharan'ny Lehiben'ny Sampana eo amin'ny Minisitara.

ANDININY FAHA-3

NY AMIN'NY FOIBE ARA-PITANTANANA SY ARA-BOLA

And.24: Ny Tale ara-pitantanana sy ara-bola dia misahana ny fitantanana ara-panjakana sy ara-bola ny Ivotoerana.

And.25: Ny Tale ara-pitantanana sy ara-bola dia tendrena amin'ny alalan'ny didim-panjakana alaina amin'ny Filan-kevitra ny Minisitra. Izy dia mitovy laharana amin'ny Tale eo amin'ny Minisitara.

And.26: Ao anatin'ny fanatanterahana ny andraikiny, ny Tale ara-pitantanana sy ara-bola dia ampin'ny:

- Sampana momba ny Fitantanam-bola ;
- Sampana momba ny mpiasa ;
- Sampana momba ny fampitaovana ; sy
- Sampana fizohiana syfandaharana.

Ny Lehiben'ny Sampana, izay tendrena amin'ny alalan'ny didim-pitondrana iraisan'ny Minisitra misahana ny Fikarohana ara-Tsiantifika, ny Minisitra misahana ny Fambolena, sy ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, araka ny tolo-kevitra ny Tale Jeneraly, dia manana ny laharan'ny Lehiben'ny Sampana eo amin'ny Minisitara.

ANDININY FAHA-4

NY AMIN'NY DEPARTEMANTA, NY FOIBEM-PARITRY NY FIKAROHANA SY NY LABORATOARA FOIBE

And.27: Ny Foibem-pirenena momba ny Fikarohana ampiharina amin'ny Fampandrosoana ny Eny Ambanivohitra dia manana:

- Departemanta enina (6) momba ny fikarohana :
 - Departemanta momba ny fikarohana ara-pambolena ;
 - Departemanta momba ny fikarohana ampiharina amin'ny fampandrosoana;
 - Departemanta momba ny fikarohana ampiharina amin'ny Ala sy ny Fitantanana ny Harena Voajanahary;
 - Departemanta momba ny fikarohana ara- teknolojiaka;
 - Departemanta momba ny fikarohana ampiharina amin'ny fambolem-bary ; sy
 - Departemanta momba ny fikarohana ampiharina amin'ny teknikam-piompiana, ny fitsaboana, sy ny fiompiana trondro.
- Foibe sy tobim-paritra momba ny fikarohana :
 - Foibem-paritra momba ny fikarohana any amin'ny Faritra ny lemaka avo Atsimo :
 - Tobim-paritra momba ny fikarohana ao Kianjavato ; sy
 - Tobim-paritra momba ny fikarohana ao Sahambavy.
 - Foibem-paritra momba ny fikarohana any amin'ny Faritra Afovoany Andrefana :
Foibem-paritra momba ny fikarohana ao Kianjasoa.

- Foibem-paritra momba ny fikarohana any amin'ny Faritra Avaratra Andrefana :
 - Tobim-paritra momba ny fikarohana ao Miadana ;
 - Tobim-paritra momba ny fikarohana ao Tsararano ; sy
 - Foibem-paritra momba ny fikarohana ao Mangatsa.
- Foibem-paritra momba ny fikarohana any amin'ny Faritra Avaratra :
 - Tobim-paritra momba ny fikarohana ao Ambohitsara Antalaha ; sy
 - Tobim-paritra momba ny fikarohana ao Ambanja.
- Foibem-paritra momba ny fikarohana any amin'ny Faritra Atsinanana :
 - Tobim-paritra momba ny fikarohana ao Ivoloana ;
 - Tobim-paritra momba ny fikarohana ao Ilaka Atsinanana ; sy
 - Tobim-paritra momba ny fikarohana ao Mahatsara.
- Foibem-paritra momba ny fikarohana any amin'ny Faritra Afovoany Atsinanana
- Foibem-paritra momba ny fikarohana any amin'ny Faritra Atsimo Andrefana : Tobim-paritra momba ny fikarohana ao Tanandava
- Foibem-paritra momba ny fikarohana any amin'ny Faritry Vakinankaratra.
- Laboratoara foibe miompana amin'ny fikarohana :
 - Laboratoara fandalinana ny tany sy ny zavamaniry ;
 - Laboratoara momba ny fahasalaman'ny zava-maniry ;
 - Laboratoara de biologie moléculaires ;
 - Laboratoara momba ny loharano taranaky ny zava-maniry ; sy
 - Laboratoara d'analyse sensorielle.

Ny Laboratoara foibe dia manampy ny departemanta sy ny rafitra ao amin'ny fitsinjaram-pahefana rehetra eo anivon'ny FOFIFA.

And.28: Ny Departemanta Siantifika dia misahana ireo fandaharam-pikarohana samihafa. Eo anivon'ny departemanta tsirairay, ny Lehiben'ny fandaharana no miantoka ny fanatontosana ireo fandaharam-pikarohana, araka ny tetibola voafaritry.

And.29 : Ny foibem-paritra, ny tobim-pikarohana sy ny laboratoara foibe ny FOFIFA dia azo ahorina raha ilaina, amin'ny alalan'ny didim-pitondrana iraisan'ny Ministera misahana ny Fikarohana ara-Tsiantifika, sy ny Minisitery misahana ny Fambolena, araka ny tolo-kevitra ny Tale Jeneraly ny FOFIFA, rehefa avy nodinihan'ny Filan-kevitra ara Tsiantifika sy Tardalana sy nahazo ny fankatoavan'ny Filan-kevira-pitondrana.

Ny Departemanta, ny Foibe, ny Tobim-pikarohana sy ny Laboratoara Foibe dia eo ambany fiahiana ara-tsiantifika ny Foibe Siantifika, sy tarihin'ny Lehiben'ny Departemanta, ny Lehiben'ny Foibe, ny Lehiben'ny Tobim-pikarohana, sy ny Lehiben'ny Laboratoara.

Eo anivon'ny Foibe, ny Toby, sy ny Laboratoara Foibe, ny Lehiben'ny Foibe, na ny Toby, na ny Laboratoara Foibe dia miandraikitra ny fampandehana azy ireo, sy ny fanatanterahana ireo raharaha mifandraika amin'ny tetibola voafaritra hoan'izy ireo, araka ny fandaharam-pikarohana.

Ny Lehiben'ny Departemanta, ny Lehiben'ny Foibem-paritra sy ny Lehiben'ny Laboratoara Foibe dia mitovy laharana amin'ny Mpanolotsaina ara-Teknika eo amin'ny Minisitara, ny Lehiben'ny fandaharana sy ny Toby, ary ny Lehiben'ny Sampana eo amin'ny Minisitara.

And.30 : Ny Lehiben'ny Departemanta, ny Lehiben'ny Foibem-paritra, ny Lehiben'ny Tobim-pikarohana, sy ny Lehiben'ny Laboratoara Foibe dia tendrena amin'ny alalan'ny didim-pitondrana iraisan'ny Minisitara misahana ny Fikarohana ara-Tsiantifika, sy ny Minisitara misahana ny Fambolena, araka ny tolo-kevitra ny Tale Jeneraly.

Ny Lehiben'ny Foibem-paritra dia ampin'ny komity fakan-kevi-pitantanana, izay ahitana ny Lehiben'ny Toby, ny mpiandraikitra ara-pitantanana sy ara-bola, ary ny Lehiben'ny fandaharana voakasika.

Ny Lehiben'ny Foibe dia misahana:

- Ny fanomanana ny drafi-panentanana, araka ny fandaharana ny feni-pikarohana, sy ny fanaraha-maso ary ny fandrindrana ny fanatanterahana azy ireo ; sy
- Ny fametrahana ny fitsinjarana ireo sorabola atokana hoan'ireo Foibe sy Toby izay tantanany, ampian'ny komity fakan-kevitra.

Hoan'ny Foibe sy Toby eo ambany fahefany, ny Lehiben'ny Foibe dia mandrindra, isantaona, fivoriam-pandrafetana izay tarihiny, sy ahitana ny fandraisan'anjara ny Lehiben'ny Toby, sy ny Lehiben'ny fandaharana, ary ny mpikaroka mpiantsehatra ao amin'ny toby.

Avy amin'io fivoriam-pandrafetana io no apetraka amin'ny fomba ofisialy, rehefa nandalo ny fakan-kevitra ny Tale Siantifika, ny drafi-panentanana.

LOHATENY FAHA-III

NYAMIN'NY FANDAMINANA ARA-BOLA SY ARA-MPITANAN-KAONTY

And.31 : Ny fitantanana ny FOFIFA dia fehezin'ny fitsipiky ny fitanana ny kaontim-bolam-panjakana araka ny didim-panjakana laharana faha-2005-003 tamin'ny 04 janoary 2005 momba ny fitsipika ankapoben'ny fitanana ny kaontin'ny fanatanterahana ny tetibolan'ny antokon-draharaham-panjakana, sy ny didim-panjakana laharana faha-99-335 tamin'ny 05 mey 1999 mamaritra ny sata mifehy ny antokon-draharaham-panjakana eto amin'ny firenena.

And.32: Ny tetibola novinavinaina an-taona, ny kaonty momba ny vinavinam-pitrandrahana ny tahirim-bola amam-bolana, ampiharahana amin'ny filazalazana vinavina amam-bolana ny vola miditra sy ny vola mivoaka, sy ny kaonty mpitantanam-bola amam-bolana, anisan'izany ny kaontim-bokatra novinavinaina, balance prévisionnelle des comptes, et de tableaux prévisionnels des amortissements, dia amboarin'ny Tale Jeneraly, sy atolony eo anivon'ny Filan-kevim-pitondrana ho ankatoavina, farafaharatsiny iray volana mialohan'ny taom-piasana izay nanamboatana azy.

Ireo kaonty sy filazalazana novinavinaina dia aroso mba ho hamarinin'ny Minisitery misahana ny Fikarohana ara-Tsiantifika, sy ny Minisitery misahana ny Fitantanam-bola.

Ireo kaonty sy filazalazana novinavinaina dia ampahafantarina ihany koa ny lvo-toerana momba ny famatsiam-bola ny fikarohana ampiharina amin'ny fambolena.

Ny taom-piasana dia manomboka ny voalohan'ny volana janoary, sy mifarana ny 31 desambra.

Raha toa ka tsy nahazo fankatoavana ny kaonty sy filazalazana novinavinaina amin'ny fisokafan'ny taom-piasana, ny Tale Jeneralin'ny FOFIFA, araka ny fetra avo roa eny ny vinavina nankatoavin'ny Filan-kevim-pitondrana, sy ny sora-bola nankatoavina tamin'ny taom-piasana teo aloha, dia afaka ihany miandraikitra sy manatanteraka ny fanefana mifanaraka amin'ny fandanianana ilaina amin'ny fitohizan'ny fitantanana.

And.33: Ny fitantanana ara-bola, ara-tetibola sy ara- mpitanan-kaonty ny lvo-toerana dia sahanin'ny:

- Tale Jeneralin'ny FOFIFA, Mpanalalana fototra, izay miandraikitra ny fanomana ny tetikasa momba ny tetibola, sy ny fanatanterahana azy ; ary
- Mpiandraikitra ny fitanan-kaonty, mpitanan-kaontim-panjakana, mandray an-tanana sy mamory ny vola miditra, ny fanarahà-maso sy fandoavana ireo fandaniam-bola, ny fiambenana sy ny fitehirizana ireo vola sy fananana, ny fikirakirana ny tahirim-bola, ny fitanana ny kaontim-bola, ary ny fanaovana ny kaontin'ny fitantanam-bolan'ny FOFIFA .

Ny fitanan-kaontin'ny lvo-toerana dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny drafitry ny fitanan-kaonty ankapobe manan-kery. Ny tahirin'ny lvo-toerana dia apetraka ao amin'ny Tahirim-bolam-panjakana. Na izany aza, ny Minisitry misahana ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, amin'ny alalan'ny didim-pitondrana noraisiny, dia afaka manoma alalàna ny fanokafana kaonty any amin'ny banky, araka ny fetra ny vola ilaina amin'y fampandehanana mahazatra ny lvo-toerana.

Ankoatra izay, araka ny fitsipika manan-kery, dia azo atao ny manangana ny fitondrana ny vatsimbola sy ny vola miditra.

And.34: Ny fidiram-bolan'ny FOFIFA dia avy amin'ny:

- Vokatra azo avy amin'ny fitrandrahana azo ampidirina ;
- Vokatra azo avy amin'ny fitantanam-bola azo ampidirina ;
- Vokatra manokana azo ampidirina ;
- Vokatra avy amin'ny famarotana ny fanàhana manokan'ny FOFIFA, fanàhana mifaka na tsy mifaka ;
- Findramam-bola nifanarahana;
- Famatsiana fampitaovana avy amin'ny Fanjakana, ny Vondrom-bahoaka sy Vondrona tsy miankina, ary ny tahirim-panampiana avy any ivelany;
- Ny vola mialoha avy amin'ny fitahirizam-bola; sy
- Amin'ny ankapobeny, ny vola miditra aterak'ireo lahasa mifandray mivantana na tsia, amin'ny ampahany na tanteraka, amin'ny votoatiny ara-tsosialin'ny FOFIFA, na amin'ny zavatra mitovitovy, mifandraika na mety afaka manampy amin'ny fahatanterahany.

And.35 : Ny didim-pitondrana noraisin'ny Filan-kevim-pitondrana momba ny famatsiam-bola voatokana hoan'ny FOFIFA, dia tsy maintsy voatahiry, miaraka amin'ny tanjona voafaritra.

And. 36: Ny vola mivoaka avy amin'ny FOFIFA dia ny mikasika ny:

- Vola mivoaka momba ny fitrandrahana azo avoaka ;
- vesatra ara-pitantanam-bola azo avoaka ;
- Vola mivoaka ;
- Raharaha fampiasam-bola, fahazoana ny enti-mihetsika isan-tokony mifaka, fitantanam-bola mifaka, ny saram-pitantanana isan-karazany ;
- Famerenana ny vola nindramina ; sy
- Amin'ny ankapobeny, ny famoham-bola avy amin'ireo lahasa mifandray mivantana na tsia, amin'ny ampahany na tanteraka, amin'ny votoatiny ara-tsosialin'ny FOFIFA, na amin'ny zavatra mitovitovy, mifandraika na mety afaka manampy amin'ny fahatanterahany.

And.37 : Ny tolotrasa omen'ny departemanta, ny ivotoerana, ny toby sy ny laboratoara dia andoavam-bola araka ny sarany hita ao anaty repertoara rafetin'ny Foibe-pitondrana Ankapobe sy nankatoavin'ny Filan-kevi-pitondrana.

Raha tsy misy sarany voafaritra, ny tamberim-bidy dia aloha araka ny débours mitombo roapolo isan-jato (20%) ho an'ny sarany ankapobe ka ny folo isan-jato voalohany dia miverina ho an'ny Foibe-pitondrana Ankapobe ary ny folo isan-jato dia arotsaka ho an'ny vondrona voakasika, io fampitomboana io dia tsy mahakasika ny sara-pivezivezena.

Ny tolotrasa manana toetra na lanjany manokana tsy voafaritry tao anaty repertoara ankapobe dia anaovana fifanarahana manokana eo amin'ny FOFIFA sy ny mpisitraka ny tolotrasa.

And.38 : Ny fitantanana ny FOFIFA dia eo ambanin'ny fanarahà-mason'ny Fitsarana momba ny Kaonty ao amin'ny Fitsarana an-Tampony, sy eo ambanin'ny fanarahà-mason'ny Minisitery mpiahy avy eo.

Ny kaontin'ny Ivotoerana dia arahan'ny kabinetra mahaleo-tena momba ny hairaha aram-pitanan-kaonty, tsy miankina amin'ny fanarahà-maso ataon'ny Fitsarana momba ny Kaonty ao amin'ny Fitsarana an-Tampony sy ny Minisitery mpiahy. Ny kabinetra mahaleo-tena momba ny hairaha aram-pitanan-kaonty dia tendren'ny Filan-kevim-pitondrana.

And.39 : Ao anatin'ny enim-bolana manaraka ny fanakatonana ny taom-piasana, ny Tale Jeneraly dia manolotra eo anivon'ny Filan-kevim-pitondrana:

- Ny tatitra momba ny asa ara-tekinika ; sy
- Ny kaontin'ny fitantanam-bola izay narahana'ny kabinetra mahaleo-tena momba ny hairaha aram-pitanan-kaonty maso.

Ny kaontin'ny fitantanam-bola dia tsy maintsy ankatoavin'ny Filan-kevim-pitondrana, izay midika ho quitus ny fitantanana'ny Tale Jeneraly.

And.40: Ny tombony mety hisy dia azo atokana hoan'ny fananganana tahiry. Ny fampiasana izany tahiry izany dia feran'ny Filan-kevim-pitondrana.

LOHATENY FAHA-IV

NY AMIN'NY FIFAMPIRAHARAHAM- BAROTRA

SY NY FANARAHAM-MASO IZANY

And.41 : Ho fanatanterahana ireo fepetra voalaza ao amin'ny andininy faha-357 sy 400 ny didim-panjakana laharana faha- 2005-003 tamin'ny 04 janoary 2005 momba ny fitsipika ankapoben'ny fitanana ny kaontin'ny fanatanterahana ny tetibolan'ny antokon-draharaham-panjakana, ary ny andininy faha-2 ao amin'ny didim-panjakana laharana faha- 99-335 tamin'ny 30 aogositra 1999 mamaritra ny sata mifehy ny antokon-draharaham-panjakana eto amin'ny firenena, ny FOFIFA dia tsy maintsy manaraka ny fitsipika sy dingana momba ny Fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana izay voafaritry ny lalàna laharana faha- 2004-009 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny Fehezan-dalàna mikasika ny Fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana.

And.42 : Ny voamiera manokana momba ny fandinihana ny tolo-bidy dia atsongana eo anivon'ny FOFIFA mba iandraikitra ny fanisana ny tolo-barotra sy hanara-maso ny varotra.

Ny paika ampiarina amin'ny fanombanana dia raiketina anaty fitanana an-tsoratra, izay soniavin'ny mpikambana ao amin'ilay voamiera, ary tsy havoaka na ampahafantarina ireo mpanaiky ny tolo-barotra

Ny dikan'ireo fitanana an-tsoratra dia alefa any amin'ny Minisitara misahana ny Fikarohana ara-Tsiantifika, sy ny Minisitara misahana ny Fambolena.

Ny antontan-taratasy momba ny « Fitsipiky ny fifampiraharaha-barotra nifanarahana amin'ny FOFIFA » dia mamaritra ny firafitry ny voamiera.

And.43: Ny komity teknika manokana anatin'ny Tale jeneraly ny FOFIFA, raha ilaina, mba:

- Iandraikitra ny fanarahà-maso sy ny fankatoavana ny antontan-taratasy momba ny tolo-bidy, ny fanokafana ireo taratasy, sy ny fanatanterahana ireo asa fanomanana ny fanisana ataon'ny voamiera manokana momba ny fandinihana ny tolo-bidy ; sy
- Manolo-kevitra eo anivon'io voamiera io momba ireo fepetra takian'ny fomba fiasa ara-teknika ny fanisana.

LOHATENY FAHA-V

FEPETRA SAMIHAF

And.44 : Ny sata ny mpiasa ny FOFIFA dia fehezin'ireo fepetra voalaza ao amin'ny didim-panjakana laharana faha- 99-335 tamin'ny 05 Mey 1999 mamaritra ny sata mifehy ny antokon-draharaha-panjakana eto amin'ny firenena.

Ny karaman'ny mpiasan'ny FOFIFA dia manaraka:

- Ny lalàna mifehy ny asam-panjakana, hoan'ireo mpiasam-panjakana « *encadrés* »,
- Ny lalàna sata voafaritry ny lalàna hoan'ireo mpiasa « *non encadrés* », sy
- Ny fitsipika ara-dalàna sy ara-pifanekena manan-kery, sy voafaritry ao anaty fifanekena arak'asa hoan'ireo mpiandraikitra nokaramaina araka ny fehezan-dalàna manokana

LOHATENY FAHA-VI

FEPETRA MANOKANA

And.45 : Ny fanàhana mifaka sy ny zavatra miraikitra, ary ny fitambaran'ny ny fitaovana, ny fiara, fitaovana, ny zavatra tsy mifaka sy ny famatsiana rehetra, anatin'ireo trano nampiasainy, izay nomen'ny Repoblika Malagasy ho tantanin'ireo Ivotoeram-pikarohana, ho fampiharana ny andininy faha-4 amin'ny Fifanarahana ankapobe 24/C/60/H tamin'ny 09

desambra 1960, dia afindra maimaim-poana am-pisitrahana tanteraka amin'ny Ivotoerana, manomboka ny andro nanorenana azy. Ireo dia mijanonana ho fanànan'ny Fanjakana Malagasy.

Ny Ivotoerana dia manao ny lisitr'ireo miaraka amin'ny solontenan'ny Minisitra misahana ny Fambolena iray, ny solontenam-panjakana iray avy amin'ny Fananan-tany, sy ny Talen'ny Ivotoerana na ny solontenany.

Ny Ivotoerana dia miandraikitra ny fitehirizana sy ny fikojakojana ny fanànanana mifaka sy ny voatanisa.

Ny fanànanana mifaka ny menabem-panjakana natolotra ho isitrahana'ny Ivotoerana dia tantanana araka ny fitsipiky ny fizakan-tany sy fananan-tany ampiarina amin'ny fanànam-panjakana. Ny vokatry ny varotra manokana dia ampidirin'ny fanjakana, ankoatra ny tombondanja entin'ny fanànanana mifaka izay azo arotsaka any amin'ny Ivotoerana.

And.46 : Foana ny didim-panjakana laharana faha- 90-317 tamin'ny 10 jolay 1990 ananganana sy andaminana ny Foibem-pirenena momba ny Fikarohana ampiarina amin'ny Fampandrosoana ny Eny Ambanivohitra, sy ny didim-panjakana laharana faha- 92-472 tamin'ny 22 aprily 1992 manova ny fepetra sasantsasany ao amin'ny didim-panjakana laharana faha- 90-317 tamin'ny 10 jolay 1990 ananganana sy andaminana ny Foibem-pirenena momba ny Fikarohana ampiarina amin'ny Fampandrosoana ny Eny Ambanivohitra, ary ny didim-panjakana laharana faha- 2008-177 tamin'ny 15 febroary 2008 mampifandray ny Foibem-pirenena momba ny Fikarohana ampiarina amin'ny Fampandrosoana ny Eny Ambanivohitra amin'ny Minisitara ny Fambolena, ny Fiompina, sy ny Jono.

And.47 : Ny fomba fampiharana ity didim-panjakana ity dia ho raiketina amin'ny didim-pitondrana iraisan'ny Minisitara misahana ny Fikarohana ara- Tsiantifika sy ny Minisitara misahana ny Fambolena.

And.48 : Ny Minisitra misahana ny Fikarohana ara-Tsiantifika, ny Minisitra misahana ny Fambolena, sy ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola no misahana araka ny mifanandrify aminy tsirairay avy, ny fanatanterahana izao didim-panjakana izao, izay havoaka amin'ny Gazetim-panjakanan'ny Repoblika.

Natao teto Antananarivo, ny 04 aogositra 2015

**Avy amin'ny, Praiminisitra
Lehiben'ny Governemanta,**

Jeneraly RAVELONARIVO Jean

Ny Minisitry ny Fambolena

**Ny Minisitry ny Fitantanam-bola
sy ny Tetibola**

RAVATOMANGA Roland
Ny Minisitry ny Fampianarana Ambony
Sy Fikarohana ara-tsiantifika

Ny Ministry ny Asam-panjakana sy ny
Asa ary ny Lalàna Sosialy

RASOAZANANERA Marie Monique

MAHARANTE Jean de Dieu

